## Fitondrana Rajoelina 2
### Manala baraka ny firenena hatrany ny zavatra ataony

## Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 7
### Manana vahaolana amin'ny tsy fahamarinana manjaka


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 31 aogositra 2023 Laharana 1467

Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Lalaon'ny Nosy 2023 5
### Nisy ireo tranga hafahafa niseho

## Ninia naka zom-pirenena Frantsay 3
# Tsy afaka mirotsaka Rajoelina hoy ireo kandidà niray feo



## FFKM 2
# Miantso ny mpanao politika hifampihaino sy hifampiresaka




## Fihaonambe nasionalin'ny FFKM 2
# Mandray anjara mavitrika ny filoha Ravalomanana



## Miala Rajoelina 3
# Maro ny ràn'ny tsy manan-tsiny latsaka nandritra ny fitondrany

# J - 9

## Marobiby Itaosy 6
### Tokantrano miisa 3 nasesin'ny jiolahy miisa 10 norobaina

## Tranombarotra Baolai 7
### Ahitana ny hiaka farany amin'ny teknolojia

## Daka kely

Ataovy ao amin'ny mozea koa ny naotin'ialahy tamin'ny nibôsy izany ry Boaikely a !

FIHAONAMBE NASIONALIN'NY FFKM

# Mandray anjara mavitrika ny filoha Ravalomanana

Mandray anjara mavitrika amin'ny fihaonambe nasionaly izay karakarain'ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara, atao eny amin'ny ISTS : Institut Supérieur de Travail Social, eny Mandrimena Andoharanofotsy Antananarivo Atsimondrano amin'izao fotoana, ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady kandidà amin'ny fifidianana ho filohampirenena hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao. Nambarany nandritra izany fa :"ny fahefan'i Jesoa Kristy no fahefan'ny fiangonana. Andriamanitra no manome izany fahefana izany. Etsy andaniny, mitoetra sy mifamatotra amin'ny fahefan'i Jesoa Kristy izay Fahefana eo an-tanana'ny Fiangonana. Milaza sy miteny ny Fiangonana, fa ny olona no manao ny eny na tsia amin'izay lazaina. Ireo karazana fahefana ananan'ny Fiangonana ary dia: fahefana handrava izay tsy sitrapon' Andriamanitra ; fahefana hanangana ; fahefana hamboly. Marin-toerana sy marim-pototra ny asan'ny Fiangonana satria Mitaiza sy mampita Aina," hoy izy. Mahakasika ny fifidianana, nararaotin'ny mpanao gazety koa ny nanontany azy teny an-toerana, nanambara ny filoha Marc Ravalomanana, fa tsy maintsy hirohotra ihany izay te ho kandidà amin'io fifidianana ho filohampirenena io, rehefa miha-manakaiky ny fotoana.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety teny Mandrimena.*

***Stefa***

FFKM

# Miantso ny mpanao politika hifampihaino sy hifampiresaka

Fanompoam-pivavahana iraisam-pinoana no nanokafana ny fihaonambe nasionalin'ny FFKM : Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara ny talata teo, teny amin'ny ISTS Mandrimena Andoharanofotsy Antananarivo Atsimondrano.
Manatanteraka fihaonambe nasionaly eny amin'ity ivon-toerana ity ny FFKM, ka tsy hifarana raha tsy rahampitso zoma 1 Septambra 2023.
"Fiangonana manorina sy mamboly eto amin'ny Firenena", no foto-kevitra hovohizina mandritra ity fihaonambe nasionaly ity.
Ny hanomezana aina vaovao indray ny fiainana ny firaisan'ny fiangonana dia ny "œcuménisme" izay antony ijoroan'ny FFKM, no antony voalohany nanaovana izao fihaonambe izao, hoy ny Filohan'ny FFKM, ny mpitandrina Dr Irako ANDRIAMAHAZOSOA Ammi. Ny tanjona hoy izy dia ny hanomezana aina vaovao indray ny FFKM, ka hahafahany miasa sy manefa tsara ny iraka, antony nanangana azy.
Faharoa, natao ihany koa izao, mba hametrahana amin'ny toerany sy hanomezana aina vaovao indray ny andrimaso FFKM. Araka ny fanazavan'ny Filohan'ny FFKM dia manana iraka anankiroa lehibe mazava tsara izany andrimaso izany. Voalohany, ny hanabe ny olompirenena ho vanona araka ny fampianaran'ny tenin'Andriamanitra sy ny Fiangonana. Faharoa, ny asa fanaraha-maso ny fifidianana.
Anisan'ny nanaovana izao fihaonambe izao ihany koa hoy izy, ny mba hisian'ny fifampiresahana sy fifampihainoana eo amin'ny samy malagasy, indrindra ny samy mpanao politika, ho famahana ny olana misy eto amin'ny firenena.




*Ireo filoham-piangonana ao amin'ny FFKM ny talata teo, teny Mandrimena.*

***Isambilo***

Hetsika Pro-Ravalomanana : HPR

# Nanentana momba ny fifidianana teny Manjaka Avaradrano



*Ny sasany amin'ireo mpikambana amin'ny HPR teny Avaradrano.*

Nidina ifotony, nitety tsena, nitety trano, nitety tanàna tao Manjaka ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano ny HPR na Hetsika Pro-Ravalomanana. Nambaran' izy ireo tamin'ireo rehetra sendra azy fa ny HPR dia mijoro mba hisian'ny fifidianana madio, nanentana ny mponin'i Manjaka izy ireo, mba handray anjara amin'ny fiainam-pirenena, manokana amin' izany ny resaka fifidianana filohampirenena, hatao eto amintsika ny 9 novambra ho avy izao. Ireo mpangala-bato hoy ny HPR eto an-tanindrazana dia tokony ho faizina mafy, ka anjaran'ny mpitondra ankehitriny ny mandinika raha mbola hitohy amin' ny fanomanana hala-bato izay izy ireo. Samy tokony ho mailo ny isam-pokontany, ny isaky ny birao fandatsaham-bato amin'io fifidianana io, mba tsy hisy intsony ny familiviliana ny tena safidim-bahoaka.

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina
## Manala baraka ny firenena hatrany ny zavatra ataony

Na dia miezaka mafy hiaro ny voninahi-pirenena aza ireo athleta malagasy ao anatin'izao Lalaon'ny Nosy izao, dia tsy mahasakana ny fisian'ny fahafahambarakan'ny firenena izany. Miseho mantsy izany amin'ny zavatra kitoatoa noho ny tsy fanomanana tsara sy ara-potoana ity Lalao ity. Misy hatrany ny lesoka isan'andro, eny hatrany am-piandohana amin'ny fandraisana azy. Manala Baraka ny firenena mihitsy ny zavatra ataon-dry Rajoelina sy ny forongony, soa fa 09 andro: J- 09 sisa ijanonany eo amin'ny fitondrana raha mbola mihevitra ny hirotsaka hofidiana izy. Efa fahafaham-baraka ireny athleta vahiny maka sary anoloan'ny fako miavovona ireny, ny lalana tsy vita ara-potoana, fa ao anaty andro fotoanan'ny Lalao mbola maro no tsy vita, ary ahiana aza tsy ho vita intsony mihitsy izy ireny na aorian'ny Lalao aza na dia efa nofariparitana mialoha. Dia ireny tsy voasarona tara ireny ireo kilavadavaka nokitihina maro. Efa hitan'ny vahiny ireny fako mivangongo, lalana ratsy sy simba eto andrenivohitra, ny fahataran'ny fanadiovana ireo lakandrano lehibe toy ny an'Andriantany sy ireo hafa rakotra tsikafonkafona sy loto maro samihafa ireny, sns... Tsy azo takonana intsony ny fahantran'ity Nosy lehibe aty amin'ny Ranomasimbe Indiana ity. Hita tsotra izao, fa tsy afaka miafina sy tsy mahalala menatra intsony ny Ben'ny tanànan'Antananarivo sy ry Rajoelina, raha sahy niseho tamin'ireo solontenan'ny athleta vahiny nihaona taminy teny amin'ny Lapan'ny tanàna sy nilaza ireo tetikasa mbola hotanterahina. Ny olona mahalala ny zava-misy sy ny fomba fitantanana eto fa mody mihaino fotsiny izy. "Ny an-tratra tsy lavo… " sy ny "tokonana tsy afaka ka…", miseho mbola hanao tetikasa goavana samihafa. Ihomezan'olona izy, ary manahirana raha izy ihany tsy maninona, fa ny Malagasy rehetra no tafiditra ao anatin'izay. Dia efa fahafaham-baraka ny an'ny firenena, ary fanaovana tsinontsinona ny Malagasy no ahiana mafy. Soa fa eo ireo athleta malagasy, izay notsinontsinoavina sy ratsy ny fikarakarana azy ireo hatrany am-piandohana amin'ny fanomanana, ary efa am-potomoty vao mody mikoropaka sy miseho manohana azy ireo ny fitondrana. Soa fa teo izy ireo, niainga avy amin'ny herim-pony, niaro ny voninahitry ny firenena, ary isaorana azy ireo izany. Fitondrana tsy azo ianteherana eo amin' ny sehatry ny fanatanjahantena sy fitsinjovana ny tanora Malagasy ny fitondrana Rajoelina, ny miala no sahaza ho azy afaka 09 andro...

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mirantsoa R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina

# Maro ny ràn'ny tsy manan-tsiny latsaka nandritra ny fitondrany

Tsy nahomby ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009 raha tsy nisy ny rà latsaka, araka ny fivorian'ireo mpihoko teny Ambatobe ary dia nisy tokoa izany ny 07 febroary 2009 rehefa nomen-dRajoelina Andry Nirina "tsodrano" ny Praiminisitra notendrena teny an-dàlambe nananika ny Lapam-panjakan' Ambohitsorohitra. Iny toe-draharaha iny tokoa mantsy no nentina nandranitana ny foloalindahy nitifitra tamin'ny tafondro ny Lapam-panjakan'Iavoloha, ny 17 Martsa 2009, ka nahatonga ny Filoha Ravalomanana Marc nanao sesitany ny tenany, mba tsy nanaovana sorona ny vahoaka Malagasy izay nivonona niaro azy. Nahomby tokoa ny fanonganam-panjakana, satria nisalotra ny naha filohan'ny tetezamita azy Rajoelina Andry Nirina. Tahotry ny korontana na ny rà nandriaka teto amin'ny Firenena, hono, hoy ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tamin'ny 2018, no antony namoahan'ity andrimpanjakana ity ny didy tsy azo ivalozana fa Rajoelina Andry Nirina no lany ho filohan'ny Repoblika. Azo eritreretina ihany koa fa nahafantatra ny maha vazaha frantsay an-dRajoelina Andry Nirina ny filohan'ny HCC tamin'izany, saingy ny "doublons" roa hetsy sy iray tapitrisa ihany no sahiny novakiana bantsilana taty aoriana. Tsy nahasakana ny rà latsaka anefa izany satria iaraha mahatadidy fa ny harivan'ny nanaovan-dRajoelina Andry Nirina fianianana dia nikodia ny vato aman-taonina maro tetsy Ampamarinana ka namoizana aina olona maro. Nandritra ny efatra taona sy tapany nitantanan'izao fitondrana izao ny Firenena dia nisy hatrany ny rà latsaka toy ireny tany amin'ny Oniversite Barikadimy-Toamasina izay tifidanitra no nahavoa ny fen'ny mpianatra iray. Ny tany Farafangana nitifirana ireo voafonja nitsoaka, ny tany Ikongo nitifiran'ny zandary vahoaka tànam-polo tsy nisy fampitandremana ka namoizana ain'olona amam-polony kanefa dia tsy nisy tohiny ny fanadihadiana nolazaina fa natao. Tsy maintsy hametra-pialana Rajoelina Andry Nirina, ato anatin'ny 9 andro, raha mbola hisisika hilatsaka kandidà ho filohampirenena ihany na dia ràn'ny lalàna aza izany. Efa ny rà latsaka foana no nialohan'ny di-dohan-dRajoelina Andry Nirina teo amin'ny fandrombahana fahefana. Raha ny kabary nataony teo amin'ny fanapahan-kevitra momba ny fandraisana ny Lalaon'ny Nosy dia ho avo folo heny amin'ny tany Maorisy farany ny fandraisana sy ny fanomanana ity Lalao faha-11 ity eto Madagasikara ity. Koa tandrevaka sa tsy fahaizana sa fanahiniana no nahatonga ny lesoka isan-karazany teo amin'ny sakafo nankarary sy ny trano fandraisana tsy ampy fitaovana teny amin'ny CCI Ivato ireny? Nisy ny fidarohana sy fandratrana ary fisamborana mpianatra teny Ankatso ny alakamisy 24 aogositra, kanefa tsy nahafa-po an-dramatoa tandapa iray izany ka raha izy, hono no teny dia nataony "darok'alika" ny mpianatra ka nety ho vokatr" izany dia rà latsaka. Iray andro nialohan'ny lanonana fanokafana ny Lalaon'ny Nosy ny zoma 25 aogositra hariva io tranga io, ka angamba, tsy nisy ny rà latsaka teny Ankatso, araka ny fanirian'ilay ramatoa, dia tanteraka izany teny Mahamasina, ka ampolony ireo namoy ny ainy ary an-jatony ny naratra. Tsapa tamin'ny fikoranana sy fandihizana tao an-kianja sy tamin'ny kabarin'ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry Nirina, fa tsy ny zom-pirenena maha Malagasy azy ihany no nariany fa hatramin'ny Kolontsaina sy ny Soatoavina Malagasy mihitsy. Raha raim-pianakaviana no manana zanaka maty sy maratra, na dia tany amin'ny toerana lavitry ny fonenana aza, dia tsy maintsy nilomay niatrika izany fa tsy naniraka olon-kafa. Tsy ny fanomezan'ny fitondrana fanampiana ara-bola no fanehoam-pitiavana lehibe indrindra, fa ny fahitan'ny fianakaviana niharambohina mivantana ny milaza ho "rain'ny Malagasy rehetra" mampahery azy. Nialohavan'ny rà latsaka indray ny famaranana ny fitondran-dRajoelina Andry Nirina, koa raha mbola misisika na hamporisihan'ny tandapa hirotsaka kandidà ihany izy dia tsy ho azo ihodivirana indray ny hisian'ny rà latsaka eto amin'ny Nosy. Tsy misy tantara miverina in-droa anefa satria tsy nitovy ny toe-javatra nanery ny filohan'ny Repoblika nifandimby nitondra niala teo amin'ny toerany tao anatin'izay telo ambienimpolo taona izay na dia nialohavan'ny rà latsaka hatrany aza izany. Mialohan'ny fifidianana izao savorovoro politika sy tsy fitoniana ara-tsosialy eo amin'ny lafiny rehetra misy eto amin'ny Firenena izao, ka amin'ity indray mitoraka ity dia fihetsika tsy voasaina avy amin-dRajoelina Andry Nirina no hiteraka "teboka tsy azo iverenana intsony" (point de non retour).

***Andry Tsiavalona***

**Ninia naka zom-pirenena Frantsay**

# Tsy afaka mirotsaka Rajoelina hoy ireo kandidà niray feo

Ninia naka ny zom-pirenena Frantsay, niray feo ireo kandidà mirotsaka ho filohampirenena eto amintsika, fa tsy afaka hirotsaka ho fidiana ho filo- hampirenena eto amin-tsika intsony, ny filoha am-perinasa Andry Rajoelina.

Nanao fanambarana iombonana ireo kandida ho Filohampirenena miisa 8 ireo, fa tsy afaka mirotsaka ny Filoha ankehitriny raha ny lalàna. Tsy vitan' ny fandikana lalàna fotsiny ihany ny filoham-pirenena Malagasy mizaka ny zom-pirenena vahiny iza-ny, fa efa famitahana vahoaka noho ny fahadisoana ara-moraly sy amin' ny fahamendrehana, ara-ka ny fanambaran'ireo kandida hirotsaka ho filoham-pirenena ireo. Mitaky fahamatorana ara-moraly, tsy maintsy hajaina farafahakeliny izany andraikitry ny filohampirenena izany, hoy hatrany izy ireo. Haute trahison na famadihana tanindrazana goavana ihany koa no na- taon'ny filoha Rajoelina, filohampirenena Malagasy, nefa ninia naka zom-pirenena Frantsay. Azo gadraina koa izay izay tompon'andraikitra manome ''certificat de nationalité '' azy, sy izay olona minia manome izany amin'ny olona efa nanary ny maha Malagasy azy araka ny lalàna velona.

Nanasonia ny fanambarana ny kandida : Marc Ravalomanana, Hery Rajaonarimampianina, Raobelina Andry, Paraina Augustin, Hajo Andrianainarivelo, Razafijoelina Tahina, Siteny Randrianasoloniaina, ary Masy Goulamaly.

***Nangonin'Isambilo***



*Ireo kandidà filohampirenena miisa 8, nanao fanambarana iombonana.*

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Ny hevitry ny ao amin'ny FB Rajoelina ninia naka zom-pirenena Frantsay



**Rivonala Razafison :** aza mba manafôka olona rangaha ! Tsy ilana fianarana lalàna ny famaizana ny voalazan'ny article 42 ao @ code de la nationalité sy ny article 46 ao @ Lalampanorenana. Very ny maha Malagasy raha vao minia maka zom-pirenena hafa.

**Lova Tiana :** ny ahy indray ts d mis hidirako loatra izany fa raha toa ka mb fetsy kely nareo ka natontona nampidinana n vidimpiainan'ny vahoaka na nanentsemana n vidin'ny ppn n vola sasasany nanaovana fotodrafitrasa ireo dia nangina daholo ireo ary tan am 2e mandat vao notohizana ny fotodrafitrasa. mino aho fa ts nitabataba teo reo ref nilamina n socialimbahoka.(tena hoe lay solution maharitra f ts lay fanomezana vola).

**Joro Rivomendrika :** betsaka ny tsy nahalala satria nafenina fa nangataka nationalité Frantsay izy. Trahison no anaran'izany. Fa oviana izy no nivonona hiresaka tamin'ny vahoaka hoe manana zom-pirenena hafa. Filoham-pirenena nge izy fa tsy olon-tsotra e. Macron est son Président. Mazava be ngamba izany.

**Max Gerbo :** hamboaro ny lalana RN10 makany antsimo iny fa tanatiny ilay velirano fa bola tsis asa mandeha jusk amzao.

**Miangaly Maminirina :** rah tena Rajoelina efa niady mafy izy hahazoan-tsika ny Iles éparses.

**Жан Бертен Тимофей :** aiza fa mody hoe miady nosy sns… lay îles éparses to manjavona hoazy. Volamena milanja mavesatra lasa. Tsy fandriampahalemana miha-malaza. Sns…

**Andry Ary Misa :** tsy azontsika hatram zao lay Nosy satria frantsay mody miady.

**Luna Romy :** David miady aminin-dry Goliath moa zany...

**Zo Niaina Tahiana Randrianarivelo :** rehefa lalàna dia lalàna. Aleo ny lasa omba ny lasa fa ny hoavy no jerena ndray.

**Jordi Fabrice :** aleo izy hilatsak dia ataovy mangarahara tsara e… Fa raha farany mahazo io 13%.

**Njato Niri Christian :** afaka milatsaka any amin'ny fireneny any France izy satria efa naka nationalité tany.

## TONONKALO

### TSY NY OLONA TOY IRENY

Tsy ny olon-tsy vanona akory , no hanarina ny firenena,
Fa izy aza mbola matory ao anatin'ny fitiavantena.
Fa ny olona efa mifoha , ary miaina ny fahamarinana,
No mendrika ny ho filoha sy ho andry natao mba iankinana.

Tsy ny olo-nangalatra akory, no hanarina ny firenena,
Fa izy tsy tia miaraka ory amin'ireo izay tsy manam-boamena.
Fa ny olona fatra-pandala , mpanandratra ny fihavanana,
No olon-tsy manan-tsahala , ka mendrika ny hotohanana.

Tsy ny olon-tsy marina akory , no hanarina ny firenena.
Ny tanjony rehefa mivory , dia izay hangoronan-karena.
Fa ny olo-mahitsy sy tsotra, kanefa dia tia tanindrazana,
No mendrika hiaraha-mizotra, hanarina ny fahavoazana .

…Tsy ny olona tahaka ireny , no hanarina ny firenena
Satria izao no hany kendreny : ny hambotry sy hangoron-karena.
Ka aoka tsy dia ho sodoka, mahaiza manao fampitaha,
Dia ialao ny olon-dratsy sy foka , ary ny sarintsarim-bazaha !

***TSIMIMALO (30-08-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Fanja

**Ny fanokafana ny fihaonambe nasionalin'ny FFKM teny Mandrimena Andoharanofotsy ny talata teo.**









**Fihaonana teo amin'ireo Tangalamena sy ireo olobe an-tanàna tao amin'ny Kaominina Fanandrana Toamasina II faritra Atsinanana, sy ny avy amin'ny mpitatrika antoko TIM any Toamasina, nahitana ny depiote teo aloha Voizy Blandine.**





**Na eo aza ny fahasahiranana dia mbola niezaka nizara fitaovam-pianarana ho an' ireo sahirana, ny " Association Soa Miahy " eny Ambohimanarina Boriboritany faha-6.**





## NY TENY FIAINANA

*"Aza manao amin'ny namanao hoe mandehana, ka avia indray, fa rahampitso no homeko; kanefa manana ihany hianao."*
***Ohabolana 3:28***

### Lalaon'ny Nosy 2023

# Mitarika i Madagasikara, fa manakaiky ireo mpifaninana hafa




*Lalaon'ny Nosy 2023.*

Taorianan'ny andro faha-4 eo amin'ny fiatrehana ny Lalaon' ny Nosy 2023, tamin'ny talata 29 aogositra 2023 lasa teo dia fantatra fa mbola mitarika an'isa vonjimaika, eo amin'ny fahazoana medaly volamena betsaka i Madagasikara izay nahazo medaly volamena 1 sy medaly volafotsy 1 hafa indray tamin' ny fifaninanana ady totohondry olympika, sy tamin' ny fifaninanana athletisma, izay nahazoan'i Cynthia Félicite medaly volamena teo amin'ny hazakazaka 400m misy fefy vehivavy, sy Nomenjanahary Claudine teo amin'ny 100m vehivavy ary tamin' ny fifaninanana lomano « brasse » natao teny Vontovorona, nahazoan'i Jonathan Raharvel fa nahavita 2'22"21 nahazaoany ny medaly volamena. Na dia izany aza dia efa somary miakatra miakatra hatrany manakaiky ny isan'ny medaly volamena azon'i Madagascar ireo firenena mpifaninana hafa toa an'i Maurice sy La Réunion. Filaharana ankapobeny azo taorianan' io andro faha-4 io : 1-Madagascar medaly 136 (volamena 66, volafotsy 33, alimo 37), 2-Maurice medaly 145 (volamena 50, volafotsy 49, alimo 46), 3-La Réunion medaly 129 (volamena 48, volafotsy 43, alimo 38), 4-Seychelles medaly 54 (volamena 8, volafotsy 29, alimo 17), 5-Maldives medaly 18 (volamena 3, volafotsy 6, alimo 9), 6-Mayotte medaly 19 (volamena 1, volafotsy 7, alimo 11), 7-Comores medaly 13 (volamena 1, volafotsy 4, alimo.

***Rainilita***

### FMF : Federasiona Malagasin'ny Baolina kitra

# Amin'ny sabotsy 14 oktobra ny fifidianana filoha sy CE

Nambaran'ny « Commission électorale et de recours » tetsy amin'ny foibe toeran'ny FMF tetsy Isoraka tamin'ny talata 29 aogositra 2023 teo, fa ho tanterahina amin'ny sabotsy 14 oktobra 2023 ho avy izao ny fifidianana ho filoha vaovao sy mpikambana eo anivon'ny komitim-panatanterak'ity rafitra ao amin'ny Federasiona Malagasy ny Baolina Kitra ity. Nambaran'izy ireo tamin'izany fotoana izany ihany koa, fa efa nisokatra tamin'ny ny 28 aogositra teo ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana hoan'ireo izay maniry hitantana an'izany toerana izany, ka ho an'ny fifidianana « Comité exécutif de la FMF » dia hifarana amin'ny 6 septambra 2023 izao amin'ny 6 ora hariva izany, raha amin'ny 14 septambra amin'ny 6 ora hariva kosa no hifarana ny ho an'ny kandidà ho filohan'ny FMF. Marihana fa taratasy tokana takiana amin'izany fametrahana antontan-taratasy izany ny antoka na « Caution » avy amin'ny filohan'ny ligim-paritry ny baolina kitra vao voafidy farany teo ary tsy maintsy hangalana fankatoavana « certifiée » eny amin'ny kaominina izany. Afaka misolo toerana an'ireo filohana ligim-paritry ny baolina kitra ny olona nomeny « Procuration » mazava. Ireo filohana ligy sy filohana seksiona mirotsaka ho kandidà amin'ireo toerana ireo raha sanatria tsy lany dia afaka miverina eo amin'ny toerana nahalany azy ireo ihany.




*Commission électorale et de recours FMF.*

***Rainilita***

### Lalaon'ny Nosy andiany faha-11

# Nisy ireo tranga hafahafa niseho



*Mpitantana Volley vehivavy Malagasy.*

Nisy tranga hafahafa vitsivitsy somary nampalahelo ny maro ihany, niseho tamin'ity Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 ity. Tao ohatra ny saika tsy namelana an'ilay kintan'ny lalao tenisy Malagasy, Randriatefy Dally, niditra tao amin' ny Acsa Ambohidahy, hanotrona sy hanohana an' ireo zandry hiady hoan'ny voninahi-pirenera amin'ity taranja izay nandaniany ny fahatanorany tamin'ny ankapobeny ity, ka nitondrany avo ny lazan'i Madagasikara. Tao koa ny tsy mba nahazoan'ireo andriambavilanitra, anisan' ireo nisehatra tao anaty tontolon'ny taranja volleyball teto Madagasikara antaonany maro ary mbola misehatra an'izany mandraka ankehitriny toa andry Randrianilana Clarisse, Ralalavola Emma, Manary Léa, Émilienne, Razakasolo Hary, Raharison Juliette, Andrianaivosolo Veromanitra ary Hendrisimahay Fara , taratasy fanasana manokana na « badge » fidirana hijery lalao, ka voatery nividy ny tapakila fidirana izy ireo hijerena sy hanarahana akaiky an'izany taranja izany.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Atikena omby saosy tongolo** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fitsaboana hémorroïdes

Fomba natoraly fitsaboana hémorroïdes indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

ZAVATRA-ILAINA :

-Racine na fakana papay lahy na vavy+ voasarimakirana.

- Rano 2 litatra.

FOMBA-FIKARAKARANA-AZY :

Tsy maintsy sasana madio tsara ny fakan'ny papay lahy na vavy teo. Silahana roa ireo voasary makirana miisa 3. Rehefa vita izay dia Ampangotrahana miaraka amin'ny rano 2 litara teo mandritry ny 15 minitra eo ho eo. Ka ahidina ary avela ho mangatsiaka izay vao azo ampiasaina.

FOMBA-FAMPIASANA-AZY :

-Sotroina 1 vera lehibe ny maraina sy ny hariva.

FAHARETANY :

-Mandritry ny 1 volana.

FANAMARIHANA :

-Marihina fa tsy maintsy soloina vaovao hatrany ity fanafody natoraly ity isaky ny 2 herinandro. Mazava ho azy fa tsy maintsy fakana papay efa maina no ampiasaina.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Befotaka distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Befotaka distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Befotaka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny dipoavatra, ny kanelina, ny lavanila. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe.



Marobiby Itaosy

# Tokantrano miisa 3 nasesin'ny jiolahy miisa 10 norobaina

Miseho lany amin' izao fotoana ny tsy fandriampahalemana ao Marobiby Itaosy distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Tokantrano miisa 3 no na- sesin'ny jiolahy miisa 10 norobaina teny Marobiby, kaominina Fiombonana – Itaosy ny alahady alina lasa teo. Voaroba ny vola 2 tapitrisa tamin'izany. Trano fisotroan-toaka, mpivarotra enta-madinika sy mpanao "cash-point" ireo lasibatra ireo. Voalaza fa nitondra fitaovam-piadiana toy ny basy ary nampitahotra tamin' ny famaky sy ny antsy lava lela ny mpandroba ary namoaka vava fa mbola hiverina. Efa manokatra ny fanadihadiana momba izao raharaha izao ny mpitandro filaminana ao amin'ity kaominina ity.

**Niaina**



Marobiby Itaosy, milamina ny atoandro fa manao ny ataony ny olon-dratsy ny alina.

Qualification - Coupe du Monde FIFA 2026

# Ireo lalao hatrehan'ny Barea

Nivoaka ankehitriny ny tetiandron'ireo lalao fifanintsanana baolina kitra « Qualification - Coupe du Monde FIFA 2026 », ho atrehan'ny Barea de Madagascar, izay ao anatin'ny vondrona I miaraka amin'i Mali, Ghana, République Centrafricaine, Comores ary i Tchad. 13-21 novambra 2023 : J1-Ghana # Madagascar, J2-Tchad # Madagascar. 3-11 jona 2024 : J3-Madagascar # Comores, J4-Madagascar # Mali. 17-25 martsa 2025 : J5- Centrafrique # Madagascar, J6-Madagascar # Ghana. 1-9 septambra 2025 : J7-Madagascar # Centrafrique, J8-Madagascar # Tchad. 6-14 oktobra 2025 : Comores # Madagascar, J10-Mali # Madagascar.

**Rainilita**




Qualification - Coupe du Monde FIFA 2026.

Lycée Les Rossignols

# Tsara ireo voka-panadinana tamin'ny taom-pianarana lasa teo

Tsara amin'ny ankapobeny oireo voka-panadinana tao amin'ny Lycée Privé Le Rossignols Ambohimanarina raha ny nambaran'ny talen'ny sekoly Lalaina Rabezanahary. Ity Lycée tsy miankina ity dia ahitana fampianarana ankapobeny sy teknika, na Enseignement général sy technique de Gestion G2. Nambarany fa raha izay voka-panadinana izay, teo amin'ny CEPE 100 % , BEPC 64 %, BEP 98%, B acc G 2 84 %, B acc A2 66,67 %. Ankoatra izany, efa misokatra amin'izao fotoana ny fisoratana anarana amin'ny taom-pianarana manaraka ao amin'ny sekoly, izany dia amin'ny 8 ora ka hatramin'ny 11 ora isan'andro. Ireo ambaratonga misy : Préscolaire, Primaire, Collège, Lycée, Terminale: A2 - G2. Ao Antanety Avaratra Ambohimanarina no misy ny Lycée Les Rossignols.



Ny sasany amin'ireo mpianatra sy ny talen'ny sekoly Les Rossignols.

**Aly**

Baolina kitra Lalaon'ny Nosy 2023

# Tsy hisy Fabien Boyer intsony ao amin'ny Barea



Fabien Boyer.

Hiatrika ny lalao ankatoky ny famaranana etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina anio alakamisy 31 aogositra 2023, ny taranja baolina kitra eo amin'ny fifaninanana Lalaon'ny Nosy 2023, ka ny Barea tsy hisy an'i Fabien Boyer, izay tsy hahazo hiakatra kianja intsony amin'ity lalaon'ny Nosy 2023 ity, noho ny fananany taratasy roa amin'ny ekipampirenena Malagasy sy Réunionnaise, ka nitorian'ity farany ny mikasika an'izany na dia efa nisafidy hisalotra ny fanamiana Malagasy aza ity mpilalao ity. Fandaharandalao : 16h : Madagascar # Comores 19h : La Réunion # Maurice.

**Rainilita**

NY VALOSOA VAOVAO Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoian-kevitra ampitaina amin'ny gazety sy ny rehetra izao manaraka izao mahakasika ny hoe : mpitondra manana vision !
Kianja filalaovana sa Seranam-piaramanidina no mampisy fiandrianam-pirenena sy mampiditra vola ho an'ny firenena ?
Mba tsy hisian'ny adihevitra mandany jiro dia resaka safidy @ zavatra roa no resaka eto. Koa iza no mety sy maika raha hitsinjo lavitra mety @ Madagasikara. Ohatra no alaiko: Jereo ny aéroport ao Addis Abeba sy Nairobi fa tena isanandro mandritry ny 24 Ora tsy miato dia feno olona mivezivezy tsy miato mihitsy ireo sidina tonga sy miala ao.
Midika inona moa izany? Tsy haiko hoe Vola be toa inona no azon-dry zareo Kenyana sy Ethiopiana isanandro? Tsy isanandro no hisy jeux des îles sy lalao iraisampirenena @ ireo Kianja filalaovana ireo.
Raha jerena io fanitarana ny aéroport Ivato io dia afaka manoratra izany anatina mandat iray ny mpitondra. Fa raha tena manana aéroport lehibe isika dia izay fiaramidina avy any Asia ho any Afrika dia afaka manao escale eto avokoa. Sady afaka mijanona andro vitsivitsy mizahatany ny olona.
Izahay raha avy tany Kuching Malaysia teo hody Madagasikara dia etsy Addis Abeba no manao escale, kanefa mandalo eo ambonin'i Madagasikara ny avion, izany hoe mbola nanalavitra indray.
Tena sarotra ve izany? Asa fa raha tena olona manana vision rangà afaka mijery ny maika sy mampiditra vola vao manao fialamboly a.
Eny e, satrin'ny olona tsy ampy solaitra anie dia fety mandavantaona : zoma magnifique foana ny fiainana e, saingy tsy izany no mahasambatra sy mahatonga olombonona.
Dia izao iainantsika mianakavy izao ny zavamisy rehefa diso vision ny mpitondra.

**Pr Jonah Ratsimbazafy**
**Président du GERP et**
**Président Mondial de l'IPS**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Angelique R.**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**26/08/2023 hatramin'ny 02/09/2023**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (AndravoahangyAmbony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1467-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

# Manana vahaolana amin'ny tsy fahamarinana manjaka

Mila ampanjakana ny fahamarinana eto amin'ny firenena, fa ny fahamarinana no manandratra ny firenena. Nanamafy izany indray koa ny FFKM nandritra ny fotoam-panokafana ny fihaonambeny ny talata lasa teo. Saika amin'ny sehatra rehetra no anjakan'ny fahalovana na ny tsy fahamarinana ary mamaka lalina izany amin'izao fotoana izao. Anisan'ny iray ahitana izany, ohatra, ny fitaovana ampiasain'ny mpivarotra amin'ny fandanjana entana. Eny amin'ireo mpivarokena, na ireo mpivarotra enta-madinika no tena isian'izany. Malaza ny fisian'izany tsy fahamarinana izany eny amin'ireo tsena lehibe eto an-drenivohitra. Efa fantatry ny mpanjifa izany kanefa tsy afa-manoatra izy ireo, fa ny ataony miezaka ny hahakely ny haladanja na ihany koa ny miady varotra mafy. Ny Fikambanan'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa na dia mba miezaka ihany, dia tsy maharesy ny fihanaky ny "aretina". Areti-mikiky efa nandritra ny taona maro ny fisehoan'ity tsy fahamarinana eny an-tsena ity. Tsy misy izay hevitra ataon'ny mpivarotra hahafahany mahazo tombony, fa tsy misy fitsinjovana ny mpanjifa mba hahatonga azy ho tamana eo aminy. Hany ka tsy misongadina mihitsy sy tsy mahaliana izay toeram-pivarotana malaza amin'ny hatsarana, fa tafiditra ao anaty kitapo iray avokoa.

Ahoana ny fomba ialàna amin' izany tranga izany ka hanadiovana ny tsena? Manana vahaolana ny amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Efa mitsangana eo aminy ireo Andry fototra sivy, ka ao anatin'izany no misy ny sehatry ny varotra, sy indrindra ny fenitra entina handaminana ny tsena. Mampiasa teknolojia avo lenta amin' izany izy amin'ny fomba fiasa handrindrana ny asa. Io ilay rindrambaiko "Tenaoïkos", mamaha ny olana sy mandrindra ny lamina rehetra tiana ho azo na hahatongavana. Afaka miara-miasa amin' ny rehetra, na sokajin'olona, na orinasa, na fikambanana samihafa, hatramin'ny fiangonana izy amin'izany. Tsiahivina hatrany fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana: 034 17 460 53.

***Aris***

### Tranombarotra Baolai

# Ahitana ny hiaka farany amin'ny teknolojia

Rehefa manakaiky toy izao ny volana Septambra dia, tsy vitsy ireo izay te hanavao ny ao an-tokantrano ao. Hanampy betsaka amin' izany ny entana loha-laharana amin' ny kalitao izay hita ao amin' ny Tranombarotra « Baolai » etsy Analakely, Soarano sy Bazar - be Toamasina. « Mbola mitohy ilay fihenambidy goavambe amin' ireo Smart Tv sy Télé Led ato aminay, misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces ary ny laser tv 100" (misy antoka 1 taona ), izany dia mandrapaha-tapitra ny staoky » hoy hatrany ny tompon ' andraikitra. Mbola vao nahatonga entana maro amin' ny vidiny mirary izy ireo toa ny fahita lavitra fisaka marika « Toshiba », izay ahitana manomboka 32 hatramin' ny 75 ", ny panneaux solaires mono sy polychristallins : izay ilaina tokoa amin' izao fotoana izao, four à gaz sy elektrika, Laser Tv 120" (misy antoka 12 volana ), climatiseur, machine à laver transparent, synthétiseur, table de mixage,mini radio baffle bluetooth solaire, machine à café à capsule, ), subwoofer congélateur (mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy). Ny fanazavana fanampiny , dia ho azo ao amin' ny site web » sy ny pejy fb: baolai ary ao amin'ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia hahafinaritra tokoa ny andavanandron ' ny besinimaro miaraka amin' ny Tranombarotra «Baolai ».

***Aly***




*Entana, anisan'ny hiaka farany amin'ny Tranombarotra Baolai.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 442**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0441)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

## TENY MIFANAPAKA N° 442




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

### Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

**1**.Fanomezana **2**. Osy - Inona **3**. Katolika **4**. Akany - MD **5**. Nay - Maody **6**. Ianao (miv) - Lahy **7**. Naoty **8**. Alimo (miv) - Nino **9**. Nono - Fa - Ar **10**. Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B**. Asa - AA - Mor(a) **D**. Nitaingina **E**. OK - Lo **F**. Milamina **G**. Enina - Fo **H**. Zokiolona **I**. Ana - Daty **J**. Na - Mihinan(a) **K**. TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Helisoa

**Ny fanokafana ny fihaonambe nasionalin'ny FFKM, natao teny amin'ny ISTS Mandrimena Andoharanofotsy Antananarivo Atsimondrano.**





